# Afin que tous soient édifiés

Par Chad H Webb
*Premier conseiller dans la présidence générale de l'École du Dimanche*

# Dia ho azo aorina ny rehetra

Nataon'ny Rahalahy Chad H Webb
*Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Sekoly Alahady maneran-tany*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*À mesure que nous nous concentrons sur Jésus-Christ, enseignons sa doctrine et apprenons diligemment, nous permettons au Saint-Esprit d'approfondir notre foi en Jésus-Christ afin de devenir plus semblables à lui.*

*Rehefa mifantoka amin'i Jesoa Kristy isika, mampianatra ny fotopampianarany ary mianatra amim-pahavitrihana, dia manasa ny Fanahy Masina isika mba hampitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy hanampy antsika hitovy kokoa Aminy.*

On raconte qu'un jeune étudiant qui avait du mal à comprendre un cours à l'université, a embauché un tuteur pour l'aider. Vers la fin de l'année, le professeur a annoncé que, pour l'examen, les étudiants pouvaient amener une feuille de papier sur laquelle ils pouvaient mettre ce qu'ils voulaient. Certains ont noté, en écriture minuscule lisible uniquement à la loupe, ce qu'ils avaient entendu pendant les cours et lu dans les manuels. Notre jeune étudiant est arrivé à l'examen avec une feuille blanche et un homme. Quand le professeur l'a interrogé, le jeune homme a répondu : « Vous avez dit que je pouvais amener une feuille de papier sur laquelle je pouvais mettre ce que je voulais. » Il a alors posé la feuille sur le sol, près de son bureau, et a déclaré : « Je veux que mon tuteur se tienne sur la feuille. »

Misy tantara momba ny tanora iray mpianatra tany amin'ny oniversite izay sahirana tamin'ny taranja sarotra iray, ka noho izany dia nanakarama mpampianatra izy mba hanampy azy. Rehefa nanakaiky ny fiafaran'ny fotoam-pianarana dia nanambara tamin'ny mpianatra ilay prôfesora fa ny mpianatra dia afaka mitondra taratasy iray any amin'ny fanadinana farany ka azon'izy ireo asiana izay zavatra rehetra tian'izy ireo eo amin'izany. Ny mpianatra sasany dia niomana tamin'ny alalan'ny fanoratana soratra madinika kely izay ahitana fampahalalana avy amin'ireo lesona sy boky fianarana ka tsy voavaky raha tsy amin'ny alalan'ny loupe. Saingy ilay tovolahy dia tonga tany am-panaovana ny fanadinana farany niaraka tamin'ny taratasy iray tsy nisy na inona na inona sy vahiny iray. Rehefa nanontany azy ilay prôfesora dia namaly ilay tovolahy hoe, "Nilaza ianao fa afaka mitondra taratasy iray aho ary azo asiana na inona na inona eo amin'izany". Napetrany teo amin'ny tany teo akaikin'ny latabany ilay taratasy avy eo ary hoy izy, "Tiako mba hijoro eo ambonin'ny taratasiko ny mpampianatra nokaramaiko".

## Le Saint-Esprit

En tant que membres de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours bénéficiant de la compagnie d'un membre de la

## Ny Fanahy Masina

Amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika izay manana ilay namana iray izay

Divinité, nous avons l'aide du tuteur parfait. Le Saint-Esprit connaît toutes choses, témoigne de la véritéet « [nous] rappellera tout». Le président Nelson parlait souvent de l'importance d'écouter la voix du Seigneur. Il nous a expliqué comment permettre au Saint-Esprit de nous guider et nous a souvent suppliés d'accroître notre capacité spirituelle de recevoir la révélation.

mpikambana iray ao amin' Ny Andriamanitra, dia afaka mahazo fanampiana avy amin'ilay mpampianatra tonga lafatra isika. Ny Fanahy Masina dia mahalala ny zava-drehetra,mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana,ary "hampahatsiaro [antsika] ny zava-drehetra".Ny Filoha Russell M. Nelson dia niresaka matetika momba ny maha-zava-dehibe ny fihainoana ny feon'ny Tompo. Nampianatra antsika ny fomba hanasana ny fitarihan'ny Fanahy Masina izy ary namerimberina niangavy antsika mba hampitombo ny fahafahantsika ara-panahy mandray fanambarana.

Je vous invite aujourd'hui à réfléchir au rôle du Saint-Esprit dans l'apprentissage et l'enseignement de l'Évangile, au foyer et à l'église. Le Saint-Esprit nous parvient par la prière de la foi et lorsque nous nous efforçons d'être dignes de ce don précieux. Le manuel de l'ÉgliseEnseigner à la manière du Sauveurest inspiré. Il souligne les principes supplémentaires établis par le Seigneur pour nous permettre de favoriser l'influence du Saint-Esprit.

Androany aho dia manasa anareo handinika ny anjara asan'ny Fanahy Masina, indrindra fa mahakasika ny fianarana ny filazantsara sy ny fampianarana any an-tokantrano sy any am-piangonana. Ny Fanahy Masina dia homena amin'ny fivavaky ny finoana sy rehefa miezaka ny hiaina mba ho mendrika io fanomezana sarobidy io isika.Ilay boky torolalana an'ny Fiangonana-Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjyizay azo avy amin'ny fanentanam-panahy dia manasongadina fitsipika fanampiny napetraky ny Tompo izay hanampy amin'ny fanasana ny fitaoman'ny Fanahy Masina.

## Favoriser un apprentissage diligent

L'un de ces principes est de favoriser un apprentissage diligent. Auparavant, nous pensions que l'enseignement était l'occasion pour un parent ou un instructeur de ressentir l'Esprit en préparant la leçon, pour ensuite faire part de ce qu'il avait appris aux enfants ou aux membres de la classe, dont le rôle était d'écouter. Pourtant, l'enseignement est plus efficace pour nous, apprenants, si nous venons, nous aussi, préparés, et si l'instructeur met en place une expérience d'apprentissage qui favorise la révélation personnelle, dans notre cœur et notre esprit. De plus, quand nous avons l'occasion d'exprimer ce que nous apprenons lors de notre étude et par le Saint-Esprit, nous nous instruisons et nous édifions mutuellement. Lorsque nous mettons en pratique ces principes de l'Évangile, l'Esprit témoigne à nouveau de leur véracité.

## Ataovy izay hisian'ny fianarana amim-pahavitrihana

Ny iray amin'ireo fitsipika ireo dia ny hoe ataovy izay hisian'ny fianarana amim-pahavitrihana.Taloha dia mety nieritreritra isika fa ny mampianatra dia fotoana iray ahafahan'ny ray na reny iray, na mpampianatra iray manasa ny Fanahy Masina ao anatin'ny fanomanana ataony ary avy eo dia mizara ny zavatra nianaran'izy ireo amin'ny zanaka na ny mpianatra ao amin'ny kilasy iray, izay ny mihaino no anjara asan'izy ireo. Saingy ny mahomby kokoa dia rehefa tonga efa nahavita fiomanana koa isika mpianatra, sy rehefa mamorona traikefa amin'ny fianarana izay miteraka fanambarana ho an'ny tena manokana mivantana ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika ny mpampianatra. Avy eo, noho isika nomena fahafahana hizara ny zavatra nianarantsika tamin'ny alalan'ny fandalinantsika sy avy tamin'ny Fanahy Masina,dia mifanampy isika mba hanam-pahalalana sy fahazavan-tsaina amam-panahy.Rehefa mampihatra ny fitsipiky ny filazantsara isika dia mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'izany indray ny Fanahy.

Jésus-Christ est l'exemple parfait en tout. Il nous a tous invités à être des apprenants diligentset à prendre la responsabilité de notre témoignage. Il a invité ses disciples à se préparer à apprendre, à parler de ce qu'ils apprennentet à agir avec foi. Il a prié pour eux, a vu leur potentiel divin, les a écoutés, et leur a montré qu'il les aimait et qu'ils étaient importants pour lui.

Tahaka ny amin'ny zavatra rehetra dia i Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra. Nanasa antsika Izy mba ho mpianatra mavitirikasy hiandraikitra ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika manokana.Nanasa ireo mpianany Izy mba hiomana hampianatra,sy hizara ny zavatra nianaran'izy ireo,ary hanao asa amim-pinoana.Nivavaka ho azy ireo Izy,nahita ny hery masina anaty ananan'izy ireo, sy nihaino azy ireo ary nanampy azy ireo hahafantatra fa tiana sy ilaina izy ireo.

En tant qu'instructeurs, cherchons davantage à remarquer les progrès des apprenants, à répondre à leurs besoins et à les aider à développer les habitudes spirituelles d'une vie de disciples tout au long de la vie. En tant qu'apprenants, lorsque nous exerçons notre libre arbitre dans le processus d'apprentissage, nous montrons au Saint-Esprit notre disposition à recevoir ses instructions.

Amin'ny maha mpampianatra antsika dia afaka mifantoka kokoa amin'ny fivoaran'ny mpianatra isika, sy amin'ny fanomezana izay zavatra ilain'izy ireo ary amin'ny fanampiana azy ireo mba hanana fahazarana ara-panahy amin'ny maha mpianatra azy ireo mandritra ny androm-piainan'izy ireo. Amin'ny maha mpianatra antsika, rehefa mampihatra ny fahafahantsika misafidy isika ao anatin'ny dingana arahina amin'ny fianarana, dia mampahafantatra ny Fanahy Masina ny fahavononantsika mba hampianariny isika.

Je suis reconnaissant pour une enseignante qui m'a encouragé à devenir un meilleur apprenant. Quand j'ai commencé l'université, je voyais à tort les études comme quelque chose à subir avant de pouvoir faire du sport. Un jour, après avoir lu ma dissertation, mon enseignante m'a dit qu'elle pensait que j'étais très doué pour réfléchir de manière analytique. Je ne savais même pas ce que cela signifiait. Elle a déclaré que si je m'appliquais davantage, je serais un bon étudiant. Cela ne m'était jamais venu à l'esprit, mais son intérêt pour moi, ses encouragements et ses invitations ont changé le cours de mes études, et ont été une grande bénédiction dans ma vie.

Feno fankasitrahana ny mpampianatra iray aho izay nanasa ahy mba ho lasa mpianatra tsara kokoa. Rehefa nanomboka nianatra tany amin'ny oniversite aho dia nanana fiheveran-diso fa ny fianarana any an-tsekoly dia toy ny zavatra iaretana mba hahazoana lalana hanao fanatanjahantena. Indray andro taorian'ny namakiako lahatsoratra iray izay nosoratako, dia niteny tamiko ilay prôfesora nampianatra ahy fa izaho dia mpamakafaka manan-talenta. Tsy fantatro akory na ny dikan'izany aza. Nilaza izy fa afaka ny ho mpianatra mahay aho raha manao ezaka mafy kokoa. Tsy tonga tao an-tsaiko velively izany eritreritra izany. Ny firaharahiany sy ny famporisihany ary ny fanasany dia nanova ny fianarako ary nitahy izaitsizy tokoa ny fiainako.

## Enseigner la doctrine

Un autre principe permettant de favoriser la présence du Saint-Esprit est d'enseigner la véritable doctrine. Cela signifie que notre étude et notre enseignement de l'Évangile sont enracinés dans la parole de Dieu, et que nous ne faisons pas d'exagérations et nous ne spéculons pas sur ce que le Seigneur n'a pas révélé. Nous nous concentrons plutôt sur les principes essentiels et éternelsqui donnent l'occasion à l'Esprit de témoigner de la vérité. Encore une fois, nous suivons l'exemple du Sauveur. Il a déclaré : « Ma doctrine n'est pas de moi, mais de celui qui m'a envoyé. »

## Ampianaro ny fotopampianarana

Ny fitsipika iray hafa izay manan-danja amin'ny fanasana ny Fanahy Masina dia ny fampianarana fotopampianarana marina.Izany dia midika fa ny fandalinantsika sy ny fampianarantsika ny filazantsara dia mifototra amin'ny tenin' Andriamanitra, ka tsy manaitaitra saina na manamboamboatra resaka mikasika ny zavatra tsy nambaran'ny Tompo isika. Fa mifantoka kosa amin'ireo fitsipiky ny filazantsara izay tena ilaina sy maharitra mandrakizay isika,izay manome fahafahana ny Fanahy mba hijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana. Mbola manaraka

La véritable doctrine se trouve dans les Écritures et les enseignements des prophètes modernes. L'exhortation du Seigneur d'étudier les Écritures personnellementet en famille, et d'aller à l'églisechaque semaine pour étudier son Évangile, nous donne un cadre remarquable pour apprendre sa doctrine et entendre sa voix. Nous sondons les Écritures pour en comprendre les récits, les principes qu'ils enseignent et la manière de mettre en pratique ces vérités. Quelle bénédiction d'avoir les Écritures a portée de mains. Imaginez Adam et Ève, Abinadi ou même le Maître pédagogue, Jésus-Christ, venir chez nous, ou dans notre classe, pour nous instruire. Ils peuvent le faire quand nous nous faisons un festin de la parole de Dieu. Par nos efforts diligents, nous apprenons à comprendre et à aimer les Écritures. Et nous voyons qu'elles contiennent les réponses aux questions de l'âme.

Quelque temps avant notre mariage, Kristi, ma femme, avait du mal à ressentir l'amour de notre Père céleste et à comprendre son plan pour elle. Elle a prié pour être guidée et elle s'est sentie poussée à participer à l'institut. Elle s'est alors inscrite à un cours sur le Nouveau Testament. La manière dont son instructeur enseignait à l'aide des Écritures et même sa façon de les tenir montraient son amour profond pour la parole de Dieu. À mesure qu'elle suivait le cours, le Saint-Esprit lui a murmuré qu'il y avait quelque chose dont elle avait besoin dans les Écritures. L'amour de son instructeur pour les Écritures et les murmures du Saint-Esprit ont suscité en elle le désir d'étudier sérieusement la parole de Dieu. Cette étude s'est transformée en un long parcours de conversion profonde et de service dévoué.

ny ohatry ny Mpamonjy hatrany isika. Hoy Izy: "Tsy Ahy ny fampianarako, fa an' Izay naniraka Ahy".

Hita ao anatin'ny soratra masina sy ao anatin'ny fampianaran'ireo mpaminany moderina ny fotopampianarana marina. Ny famporisihan'ny Tompo mba handalina ny soratra masina manokanasy miaraka amin'ny fianakavianasy mba handeha hiangonaisan-kerinandro mba handalina ny filazantsarany dia rafitra miavaka hianarana ny fotopampianarany sy handrenesana ny feony. Mandalina ny soratra masina isika mba hahatakarana ny tantara sy ny fitsipika ampianarin'izany ary ny fiantefan'ireo fahamarinana ireo eo amin'ny fiainantsika. Fitahiana lehibe ny fananana ny soratra masina eo am-pelatanantsika. Alao sary an-tsaina hoe mamangy antsika any an-tokantranontsika na any amin'ny toeram-pianarantsika mba hampianatra antsika i Adama sy i Eva, na i Abinadia, na i Jesoa Kristy izay Mpampianatra Lehibe. Afaka manao izany izy ireo rehefa mivoky amin'ny tenin' Andriamanitra isika. Miaraka amin'ny ezaka atao tsy tapaka dia afaka mianatra manakatra sy mitia ny soratra masina isika ary matoky fa manana ny valin'ireo fanontaniana ananana any anaty izany.

Nisy fotoana talohan'ny nivadianay izay nananan'i Kristi vadiko olana teo amin'ny fananana fahatsapana ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy ny fahatakarana ny drafitra nataony ho azy. Rehefa nivavaka izy mba hahazo fitarihana dia nisy fahatsapana tonga fa tokony hanatrika institiota izy, hany ka nisoratra anarana mba hanatrika ny kilasin'ny Testamenta Vaovao izy. Ny fomba fampianaran'ilay mpampianatra azy ny soratra masina, na ny fomba fihazonany izany aza, dia nampiseho ny halehiben'ny fitiavany ny tenin' Andriamanitra. Rehefa nanatrika izany izy dia nibitsika taminy ny Fanahy Masina fa misy zavatra izay ilainy ao amin'ny soratra masina. Ny fitiavan'ilay mpampianatra azy ny soratra masina sy ny bitsiky ny Fanahy Masina dia namboly faniriana tao anatiny mba hanomboka handalina amim-pahamatorana ny tenin' Andriamanitra, izay lasa dia natao nandritra ny androm-piainana izay nahitana fiovam-po lalina sy asa fanompoana feno fanolorantena.

## Se concentrer sur Jésus-Christ

Enfin, comme le suggère le manuelEnseigner à la manière du Sauveur, nous devons toujours orienter nos enseignements et notre appren-

## Mifantoha amin'i Jesoa Kristy

Farany, araka ny sosokevitra atolotry ny-Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjydia tokony hifantoka amin'i Jesoa Kristy lalandava

tissage sur Jésus-Christ. Nous devons parler plus souvent de lui, avec plus de révérence, et chercher davantage d'occasions de témoigner et d'exprimer notre reconnaissance et notre amour pour lui. Quel que soit le cadre, lorsque nous nous souvenons de lui, nous avons « son Esprit avec [nous]».

Nous pouvons mettre Jésus-Christ au centre de notre enseignement en soulignant qu'il est l'exemple parfait, la personnification et l'expression de tous les principes de l'Évangile. Même lorsqu'il n'est pas directement mentionné dans un récit scripturaire, nous pouvons toujours le citer comme exemple du principe enseigné. Il suffit de demander : « Vous souvenez-vous d'un moment où Jésus-Christ a illustré ce principe ? »

Nous pouvons également centrer notre attention sur lui en étudiant ses titres, ses rôles et ses attributs, et en cherchant non seulement à apprendre ce qu'il a fait, mais aussi à mieux comprendre qui il est. Par exemple, lorsque nous étudions le principe du repentir, il est important de comprendre comment le faire. Mais il est aussi essentiel de nous souvenir de ce que Jésus-Christ a fait pour rendre le repentir possible, et de comprendre ce que le repentir nous apprend sur lui, sa nature et ses vertus. Qu'est-ce que la possibilité de nous repentir indique sur son amour, sa patience, sa miséricorde, sa vision de notre potentiel divin, sa disposition à expier nos péchés et la joie qu'il éprouve en pardonnant ? La compréhension de ses titres, tels que l'Agneau de Dieu, le Rédempteur et le Médecin, nous montre que le repentir est son invitation à nous purifier, à nous changer et à nous guérir. En nous concentrant sur ce qu'il a fait pour nous et sur ce que cela nous enseigne sur qui il est, nous développons la « foi qui produit le repentir».

Il n'est pas toujours évident de voir les attributs du Sauveur dans les récits scripturaires. Par exemple, quand nous lisons le passage où Néphi construit un bateau, nous pourrions avoir tendance à nous concentrer uniquement

ny fampianarantsika sy ny fianarantsika.Afaka miresaka matetika kokoa sy amim-panajana kokoa momba Azy isika ary mikatsaka fomba misimisy kokoa ahafahana maneho fijoroana ho vavolombelona momba Azy sy fankasitrahana ho Azy ary fitiavana Azy. Na aiza na aiza misy antsika, rehefa mahatsiaro Azy isika dia afaka manana ny "Fanahiny miaraka [amintsika]".

Ny fomba iray hametrahana an'i Jesoa ho ivon'ny fampianarantsika dia ny fanantitranterana fa Izy no ohatra tonga lafatra, ary ohatra velon'ireo fitsipiky ny filazantsara rehetra sy fanehoana izany.Na dia rehefa tsy voalaza mivantana ao amin'ny tantara iray ao amin'ny soratra masina aza Izy, dia mbola afaka manondro Azy ho toy ny ohatra momba ilay fitsipika izay ampianarina isika. Afaka manontany tsotra fotsiny isika hoe, "Moa ve ianao afaka mieritreritra fotoana iray izay nanehoan'i Jesoa an'ity fitsipika ity tamin'ny alalan'ny ohatra?"

Afaka mifantoka Aminy koa isika amin'ny alalan'ny fianarantsika momba ireo anarana fiantsoana Azy sy ireo anjara asany ary ireo toetrany, ary tsy vitan'ny hoe mikatsaka ny hianatra fotsiny ny zavatra nataony fa mba hahatakatra tsaratsara kokoa ihany koa hoe iza Izy. Ohatra, rehefa mandalina momba ny fitsipiky ny fibebahana, dia zava-dehibe ny fahatakarana ny fomba fibebahana. Saingy tena ilaina koa ny mahatsiaro ny zavatra nataon'i Jesoa Kristy mba hahatanteraka ny fahafahana mibebaka sy ny manakatra ny zavatra ampianarin'ny fibebahana antsika momba Azy sy mikasika ny tena toetrany. Inona no ambaran'ilay fahafahana ananantsika mba hibebaka momba ny fitiavany, ny faharetany, ny famindram-pony, ny finoany ny fahafahantsika ho tonga tahaka an' Andriamanitra, sy ny fahavononany hanonitra ny fahotantsika ary ny fifaliana tsapany eo amin'ny famelana? Ary ny fahatakarana ireo anarana fiantsoana Azy toy ny hoe, Zanakondrin' Andriamanitra, Mpanavotra ary Mpitsabo, dia manampy antsika hahita fa ny fibebahana dia fanasana atolony mba hanadiovana sy hanovana ary hanasitranana antsika.Ny fifantohana amin'ny zavatra nataony ho antsika sy ny zavatra lazaina momba ny hoe iza Izy dia afaka manampy antsika hanana "finoana ho amin'ny fibebahana".

Indraindray dia mety tsy ho hitantsika avy hatrany ireo toetran'ny Mpamonjy voalaza ao anatin'ny tantara iray ao amin'ny soratra masina. Ohatra rehefa mamaky momba an'i Nefia izay nanamboatra sambo isika dia mety hifantoka fot-

sur Néphi. Pourtant, en dirigeant notre attention sur le Sauveur, nous voyons que ce récit n'a pas été préservé pour nous parler de la grandeur de Néphi, mais de celle de Dieu, car il nous donne la force de respecter ses commandementset nous délivre dans les moments difficiles.

siny amin'i Nefia. Saingy ny fifantohana amin'ny Mpamonjy dia afaka manampy antsika hahita fa izany rakitsoratra izany dia tsy notahirizina mba hampianarana antsika momba ny fahalehibezan'i Nefia fa mba hampisehoana ny fahalehibezan' Andriamanitra, noho Izy manome tanjaka antsika mba hitandremana ny didinysy manavotra antsika amin'ny fotoana ilana izany.

Nous devons également nous concentrer sur le rôle essentiel de Jésus-Christ dans le plan parfait du bonheur conçu par notre Père céleste. Notre vie change lorsque nous voyons notre situation à la lumière du plan éternel de Dieu, au lieu de la voir à travers le prisme de notre perspective temporelle. L'Évangile n'est pas une liste d'exigences, c'est la bonne nouvelle que Jésus-Christ a vaincu le péché et la mort. En recevant sa grâce infinie par le respect de nos alliances avec Dieu, nous pouvons mener une vie joyeuse dès maintenant et nous préparer à vivre avec notre Père céleste pour l'éternité. En apprenant à voir notre Père céleste et le Sauveur dans les Écritures, nous apprenons à mieux les connaître, et remarquons leur amour et leur influence plus souvent et plus clairement.

Isika koa dia afaka mifantoka amin'ny anjara asa fototr'i Jesoa Kristy ao amin'ilay drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra izay lavorary. Afaka manova ny lalana hizoran'ny fiainantsika ny mijery ny toe-javatra iainantsika amin'ny alalan'ny fomba fijery ao amin'ny drafitra mandrakizain' Andriamanitra toy izay hijery ilay drafitra amin'ny alalan'ny fomba fijery ireo toe-javatra iainantsika ara-nofo. Ny filazantsara dia tsy lisitra iray ahitana zavatra takina. Izany dia ilay vaovao mahafaly fa nandresy ny fahotana sy ny fahafatesana i Jesoa Kristy.Amin'ny alalan'ny fahazoana ilay fahasoavany mahatalanjona amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataontsika tamin' Andriamanitra no ahafahantsika miaina amim-pifaliana amin'izao fotoana izao sy miomana amin'ilay fiainana miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra any amin'ny mandrakizay. Rehefa mianatra mijery ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy ao amin'ny soratra masina isika, dia lasa hahafantatra Azy ireo kokoa isika sy hahita matetika kokoa sy amin-kery kokoa ny fitiavana sy ny hery mitarika ananan'izy ireo eo amin'ny fiainantsika manokana.

Je me souviendrai toujours de l'Esprit que j'ai ressenti dans ma jeunesse pendant que notre instructeur nous parlait des derniers jours de la vie du Sauveur. Il nous a montré l'importance des événements qui se sont déroulés dans la salle haute, à Gethsémané, au Golgotha et dans le sépulcre vide. Il a exprimé sa reconnaissance profonde pour le Sauveur et son désir ardent de le suivre. Son enseignement invitait l'Esprit à témoigner de Jésus-Christ. Et l'Esprit que j'ai ressenti dans cette classe a approfondi ma foi, et a fait grandir mon amour et ma reconnaissance pour le Sauveur. L'influence de cet instructeur m'a accompagnée toute ma vie. Comme il a été dit d'un autre instructeur, « nous aurions pu nous réchauffer les mains à la flamme de sa foi».

Hotsaroako lalandava ilay Fanahy tsapako fony aho zatovo rehefa nampianatra momba ireo andro farany niainan'ny Mpamonjy teo amin'ny fiainany ilay mpampianatra anay. Nampiany izahay hahita ny maha-zava-dehibe an'ireo zava-nitranga tao amin'ilay efitrano tany ambony rihana, tao Getsemane, sy tao Golgota ary tao amin'ilay fasana foana. Nizara ny fankasitrahany lalina ny Mpamonjy izy sy ny faniriany mivaivay hanaraka Azy. Ny fampianarany dia fanasana natolotra ho an'ny Fanahy Masina mba hijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy. Ary ilay Fanahy tsapako tao amin'izany kilasy izany dia nampahalalim-paka ny finoako sy nampitombo ny fitiavako sy ny fankasitrahako ny Mpamonjy. Ny hery mitarika nentin'io mpampianatra io dia nitoetra tao amiko nandritra ny fiainako. Araka ny nolazain'ny mpampianatra iray hafa hoe, "Afaka nanafana ny tananay tamin'ny afon'ny

## Conclusion

Dans notre foyer et lors de nos réunions de l'Église, à mesure que nous nous concentrons sur Jésus-Christ, enseignons sa doctrine et apprenons diligemment, nous invitons le Saint-Esprit à approfondir notre foi en Jésus-Christ afin de devenir plus semblables à lui. C'est là le but de tout apprentissage et enseignement de l'Évangile.

Je suis reconnaissant pour mes instructeurs : mes bons parents, mes dirigeants et mes instructeurs locaux, et les hommes et les femmes qui ont été appelés à enseigner et à témoigner à ce pupitre. Tous m'aident à connaître Jésus-Christ et à le suivre. Je suis reconnaissant pour le Saint-Esprit, le tuteur parfait. Grâce au Saint-Esprit, je sais que notre Père céleste nous aime et a un plan parfait pour nous, que Jésus est le Christ, le Sauveur et le Rédempteur du monde, et que son Évangile et son Église ont été rétablis. Je témoigne avec reconnaissance de ces choses, au nom de Jésus-Christ. Amen.

finoany izahay".

## Teny famaranana

Rehefa mifantoka amin'i Jesoa Kristy isika any an-tokantranontsika sy any amin'ireo fivoriam-piangonantsika sy mampianatra ny fotopampianarany ary mianatra amim-pahavitrihana, dia manasa ny Fanahy Masina isika mba hampitombo ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy hanampy antsika hitovy kokoa Aminy, izay tanjon'ny fampianarana sy ny fianarana ny filazantsara rehetra.

Feno fankasitrahana an'ireo mpampianatra ahy rehetra teo amin'ny fiainako aho, nanomboka tany amin'ireo ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo, ireo mpitarika sy mpampianatra teo an-toerana hatrany amin'ireo lehilahy sy vehivavy izay voantso hampianatra sy hijoro ho vavolombelona teto amin'ity polipitra ity.Ary feno fankasitrahana ny Fanahy Masina aho izay mpampianatra tonga lafatra. Amin'ny alalan'ny Fanahy Masina no ahafantarako fa tia antsika ny Ray any An-danitra ary manana drafitra tonga lafatra ho antsika Izy; fa i Jesoa no ilay Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra izao tontolo izao ary ny filazantsarany sy ny Fiangonany dia naverina tamin'ny laoniny. Mijoro ho vavolombelona amim-pankasitrahana ny amin'ireo zavatra ireo aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.